Fiteny inuktitut

Ny **fiteny inuktitut**, dia anisan'ny fiteny teratany ao Kanada. Io fiteny io dia voapirina ao amin'ny vondron'ny fitenyu inuit ; ny fiteny hafa ankohatry ny fiteny inuktitut anatin'io vondrona io dia ny fiteny inupiaq, izay tenenina any Alaska, ny fiteny inuktun - tenenina ao amin'ny faritra avaratra andrefan'i Kanada - ary ny fiteny kalaallisut tenenina ao Groenlanda;.

Votoatiny

Fiparitahana ara-jeografia

Fanoratana

Fitenim-paritra

Jereo koa

Bibliôgrafia

Rohy ivelany

Fiparitahana ara-jeografia

Eo amin'ny telo alina eo ho eo no isan'ny olona miteny inuktitut, miparitaka eraky ny Arktika atsinanan'i Kanada, i Québec (ao amin'i Nunavik) eo amin'i nosin'i Baffin ary ao amin'i Nunavut (izay mampiasa ilay fiteny ho fiteny ofisialy).

Fanoratana

Ny fiteny inuktitut dia soratana amin'ny alalan'ny silabera ho azy manokana. Noforonina tamin'ny taonjato faha-19 io silabera io, tsy tahaka ireo fiteny teratany any atsimo izay soratana amin'ny alalan'ny abidy latina.

Naniry ny teratany hamorona soratra ny misionera avy any Eoropa mba hanoloran'ny misionera anjareo ny kristianisma ary ny Baiboly. Ankehitriny, ny inuit miaina ao amin'i Arktika Kanadianina dia mampiasa na ny abidy latina (*qaliujaaqpait*), na ny silabera noforoniny (*qaniujaaqpait*). Ny abidy latina no tarehintsoratra nampiasain'ny inuit voalohany indrindra, tany Groenlanda, tamin'ny taona 1760.

Fitenim-paritra

Ao Kanada dia ahitana fitenim-paritra valo aho an'ny fiteny Inuktitut ; enina amin'izy ireo no hita ao Nunavut, iray any Nunavik (Québec) ary iray ao Nunatsiavut (Labrador).

Jereo koa

- Kanada
- Teratan'i Amerika

Bibliôgrafia

- ((fr)) Ronald Lowe, *Analyse linguistique et ethnocentrisme : essai sur la structure du mot en inuktitut*, National Museums of Canada, Ottawa, 1981, 126 p.
- ((en)) *Nunavik terminology data base : English-Inuttitut*, Avataq Cultural Institute, Inukjuak, 2000, 3 vol.
- ((en)) Mary D. Swift, *Time in child Inuktikut : a developmental study of an Eskimo-Aleut language*, Mouton de Gruyter, Berlin, 315 p. (ISBN 978-3-11-018120-3)

Ny silabera Inuktitut

Rohy ivelany

- http://www.native-languages.org/inuktitut.htm Rohy natokana ho an'i Inuktiut
- UQAUSIIT en ligne (http://polaires.free.fr/Dictionnaire/), Raki-bolana frantsay-Inuktitut
- Inuktitut Linguistics for Technocrats (http://www.inuktitutcomputing.ca/Technocrats/ILFT_1.html), Mallon, Mick
- *Inuktitut: A multi-dialectal outline dictionary (with an Aivilingmiutaq base)* (http://www.inuktitutcomputing.ca/Spalding/fr/spalding.shtml), Spalding, Alex (1998), (ISBN 978-1-896204-29-1)

Hita tao amin'ny "https://mg.wikipedia.org/w/index.php?title=Fiteny_inuktitut&oldid=291939"

Voaova farany tamin'ny 23 Desambra 2011 amin'ny 19:28 ity pejy ity.

Azo ampiasaina araka ny fepetra apetraky ny lisansa Creative Commons Attribution-ShareAlike ; Mety misy ny fepetra fanampiny mihatra. Jereo fepetram-pampiasana ho an'ny antsipirihany.